Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

# NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA (ara-nofo) EO AMIN'NY MINO

## 1. NY FIRAISANA AMIN'NY OLOM-PADY, NY FIJANGAJANGANA, NY FIRAISANA ARA-NOFO TSY MENDRIKA NY MINO…

# NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA EO AMIN'NY MINO

- **A.- FAMPIDIRANA**
- a) **Ny fitondran-tena ara-piraisana *(comportement sexuel)*** dia misy heviny ara-panahy izay ambaran'ny Soratra Masina *(révélé par les Saintes Ecritures)*.
- b) **Eo amin'ny mino:** Ahoana no tokony ho fijerin'ny mino ny fifandraisana ara-piraisana. Ny ohatra ratsy hita tao Korinto dia mitaky fakana *position* : tsy hoe satria nataon'ny Fiangonana tatsy na taroa, na nataon'ny Fiangonana hatramin'izao, dia mety sy tokony harahina, fa tsy maintsy tarafina sy ahitsy amin'ny alalan'ny tenin'ny Soratra Masina (cf. 2Tim.3.16)
- d) **Fijangajangana:** Entina milaza ny fitondran-tena ara-piraisana ara-nofo tsy mendrika *(mivily)* rehetra io; na dia somary avahana ihany aza indraindray eo amin'ny fanazavana (*inceste, adultère, fornication*, etc…)

# NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA EO AMIN'NY MINO

- **A.- FAMPIDIRANA**

- e) Hozaraina roa ny fampianarana:

1. **NY FIRAISANA AMIN'NY OLOM-PADY, NY FIJANGAJANGANA, NY FIRAISANA ARA-NOFO TSY MENDRIKA.** *(hatao anio)*

2. **NY FANAMBADIANA SY NY FISAORAM-BADY ARY NY FITOVOANA *(célibat)*** *(hatao amin'ny iray volana)*

Narahana ny fomba fanazavana nentin'ny Paoly araka ny 1 Korintiana, izay manana endrika *démonstration par l'absurde.*

# NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA EO AMIN'NY MINO

## 1. NY FIRAISANA AMIN'NY OLOM-PADY, NY FIJANGAJANGANA, …

- **B.- NY FIREHAREHANA TEO AMIN'NY KORINTIANA;**
- Voalaza fa nisy fireharehana be *(orgueil; fierté déplacée)* teo amin'ny Korintiana (2a, 6a)
  - ❖ Tanàna nandroso sy niroborobo noho ny varotra, hany ka nisy olona nanan-karena vetivety izay nanjary filamatra sy modely.
  - ❖ Ny kolo-tsaina nolovàna tamin'ny grika izay manindrahindra ny maha-olona, sy izay nalaina tamin'ny romana izay mikatsaka fivoarana hatrany (tia zava-baovao) dia nitarika ny kristiana koa hisokatra amin'izay rehetra vaovao *(tsy nanana fahaiza-manavaka na discernement)*.

# NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA EO AMIN'NY MINO

## 1. NY FIRAISANA AMIN'NY OLOM-PADY, NY FIJANGAJANGANA, …

- **B.- NY FIREHAREHANA TEO AMIN'NY KORINTIANA;**
- Ny baranahiny ara-moraly teo amin'ny fiaraha-monina *(laxisme)* dia tonga hatrany am-piangonana koa, ka nitondra ho amin'ny fanasarahana ny ara-panahy sy ny ara-batana.
- Ireo olo-manan-kaja sy manana izay nanan-toerana teo amin'ny Fiangonana dia jentilisa izay mbola nitazona ny fomba fisainana sy fiainana tamin'izy mbola tsy kristiana ihany; ary nanjary modely ho an'ny malemy sy mahantra ka nataon'ny olona ho reharehany aza (3.21)
- ***"Tsy mety ny fireharehanareo."*** *(fiureharehana diso toerana)*(6a) hoy i Paoly.

# NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA EO AMIN'NY MINO

## 1. NY FIRAISANA AMIN'NY OLOM-PADY, NY FIJANGAJANGANA, ...

- **D.- NY FIRAISANA AMIN'NY OLOM-PADY** ***(olon-tsy heny)*** 1Kor.5
- Hita ao amin'ny Lev.18.6 fa voarara ny firaisana ara-nofo amin'ny olona akaiky. Io no antsoin'ny mpandinika hoe "fiviliana ara-pifandraisana ara-nofo » na ***inconduite sexuelle***.

  - Voatanisa ao amin'ny and.7- 17 ny antsimpirihany momba ireo voakasik'izany.

  - Ny and.22 dia kosa dia miresaka ny amin'ny firaisan'ny samy lahy na ny samy vavy *(homosexualité)*

  - Ary ny and.23 dia miresaka ny firaisana amin'ny biby *(zoophilie)*

# NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA EO AMIN'NY MINO

## 1. NY FIRAISANA AMIN'NY OLOM-PADY, NY FIJANGAJANGANA, ...

- **D.- NY FIRAISANA AMIN'NY OLOM-PADY** ***(olon-tsy heny)*** 1Kor.5
- Noraràn'ny lalàna romana ny firaisana amin'ny olom-pady, hany ka vao mainka nanafintohina an'i Paoly ny nandrenesany fa misy manao izany ny mpiangona tao Korinto: *"...fijangajangana tsy misy tahaka azy na dia amin' ny jentilisa aza."* (1b)...
- ... Izany hoe: ny kristiana izay tokony hitondra ny fahazavana eo amin'izay ao amin'ny maizina indray no mitondra tena ao anaty fahamaizinana (*vetaveta fiaina*) mihoatra noho ny tontolo misy azy tokony hitondrany ny fahazavana.

# NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA EO AMIN'NY MINO

## 1. NY FIRAISANA AMIN'NY OLOM-PADY, NY FIJANGAJANGANA, ...

- **D.- NY FIRAISANA AMIN'NY OLOM-PADY** ***(olon-tsy heny)*** 1Kor.5
- **a) Mandoto ny Fiangonana izany fitondran-tena izany**
  - Tokony horoahina *(atolotra ho an'i Satana)* tsy ho ao amin'ny Fiangonana izy. (5)
  - Ny antony handroahana azy *(excommunication)* dia ny hanehoana fa
    - tsy azo **andeferana** ny zavatra mandoto ny Fiangonana, (7)
    - tokony heverina ho toy ireo izay any ivelany izay vao hitoriana indray izy, mba hitarihana azy ho amin'ny fibebahana (9-11)

# NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA EO AMIN'NY MINO

## 1. NY FIRAISANA AMIN'NY OLOM-PADY, NY FIJANGAJANGANA, ...

- **D.- NY FIRAISANA AMIN'NY OLOM-PADY** ***(olon-tsy heny)*** 1Kor.5
- **b) Tsy maintsy maka fepetra *(mesures disciplinaires)* ny Fiangonana.**
  - Mampahatsiaro ny fitsipika napetraky ny Tompo tamin'ny Zanak'Isiraely raha hiditra ny tany Kanana izany (Deo.7).
  - Ny fandeferana *(**tolérance**)* amin'ny olona manao toy izany dia manimba ny Fiangonana manontolo. Koa nandidy ny hakana fepetra i Paoly.
  - Ity fitondran-tena ity dia noraràn'ny fiaraha-monina, nasehon'ny siansa fa mampidi-doza ary manohitra ny sitrapon'Andriamanitra *(scandalisé i P...)*.

# NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA EO AMIN'NY MINO

## 1. NY FIRAISANA AMIN'NY OLOM-PADY, NY FIJANGAJANGANA, ...

- **E.- NY FIJANGAJANGANA SY NY FIRAISANA ara-nofo mivily.** 1Kor.6.12-20
- **Misy itoviany** ny fomba entin'i Paoly manazava ny maha-ratsy ny fitondrana ny adin'ny Fiangonana sy ny mino any amin'ny Fitsaràn'olombelona sy ny fitondran-tena ara-piraisana ara-nofo mivily izay misy teo amin'ny Fiangonana tany Korinto.
  - Ny voalohany dia miainga amin'ny fijery eskatolojika,
  - Ny faharoa kosa miainga amin'ny fiorenana amin'ny vokatry ny Fitsanganan'i Kristy tamin'ny maty.(14)

# NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA EO AMIN'NY MINO

## 1. NY FIRAISANA AMIN'NY OLOM-PADY, NY FIJANGAJANGANA, ...

- **<u>E.- NY FIJANGAJANGANA SY NY FIRAISANA ara-nofo mivily.</u>** 1Kor.6.12-20
- Imbalo no miverina eto amin'ity andalan-tSoratra Masina ity ny teny hoe **tena**, afa-tsy ireo teny hafa mifandraika aminy (kibo, rantsana, sns…) sy ny teny hoe tempoly (vatana itoeran'ny…)
- Asehon'i Paoly eto fa mifandray ny fatorana *(lien) ateraky* ny firaisana ara-nofo *(sexualité)* sy ny fahafahana kristiana *(liberté chrétienne)* (12)
- Ampifanoherin'i Paoly ny fijerin'ny Korintiana sy ny fijerin'ny Tompo:

# NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA EO AMIN'NY MINO

## 1. NY FIRAISANA AMIN'NY OLOM-PADY, NY FIJANGAJANGANA, ...

- **E.- NY FIJANGAJANGANA SY NY FIRAISANA ara-nofo mivily.** 1Kor.6.12-20
- Fijerin'ny Korintiana: Ny fahafahana nomena tao amin'i Kristy dia hahafahana manao izay tiana hatao *(rehetra azo atao = tout ce qui est faisable*) cf 12
- Fijerin'Andriamanitra: "*Ny tena ho an'ny Tompo* (fa tsy ho an'ny fijangajangana) *ary ny Tompo ho an'ny tena.*" (13b); koa mifamatotra ny ataon'ny tena sy ny firaisana amin'ny Tompo.
- Fijerin'ny Korintiana: Samy hafa ny tena *(individu)* sy ny Fiangonana;
- Fijerin'Andriamanitra: Momba ny Fiangonana *(Communauté)* ny tenanao. (15)

# NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA EO AMIN'NY MINO

## 1. NY FIRAISANA AMIN'NY OLOM-PADY, NY FIJANGAJANGANA, ...

- **E.- NY FIJANGAJANGANA SY NY FIRAISANA ara-nofo mivily.** 1Kor.6.12-20
- Fijerin'ny Korintiana: Raha mijangajanga ara-nofo aho dia tsy misy ifandraisany amin'ny fanahy izany, fa ny fanahy no an'ny Tompo;
- Fijerin'Andriamanitra: *"Ny tenanao dia Tempolin'ny Fanahy Masina."* izany hoe trano onenan'ny Fanahy Masina, ka miray Aminy.(19);
- Fijerin'ny Korintiana: Izaho dia tompon'ny tenako.
- Fijerin'Andriamanitra: Olom-boavidy ianao fa tsy tompon'ny tenanao; fa natao hankalazana an'Andriamanitra ny tenanao (vatanao) (19b, 20)

# NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA EO AMIN'NY MINO

## 1. NY FIRAISANA AMIN'NY OLOM-PADY, NY FIJANGAJANGANA, ...

- **F.- MASINA HO AN'I KRISTY NY TENA.** 1Kor.6.12-20
- Fijerin'ny Korintiana: Ny fahalevonan'ny nofo rehefa maty ny olona sy ny tsy hananany anjara amin'ny fiainana mandrakizay dia mametraka ny nofo ho *secondaire* fa fonony (*enveloppe*) natao hamita andraikitra *provisoire* fotsiny, fa ny fanahy no mitoetra;
- Fijerin'Andriamanitra: *"Ny tena tsy natao ho an'ny fijangajangana."* (13b) "***Tsy manana vatana ny olona, fa vatana koa izy***"; fa ny olona ao amin'i Kristy dia miray saina, vatana, fo ary fanahy Aminy (cf. Lio.2.52)

# NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA EO AMIN'NY MINO

## 1. NY FIRAISANA AMIN'NY OLOM-PADY, NY FIJANGAJANGANA, ...

- **F.- MASINA HO AN'I KRISTY NY TENA.** 1Kor.6.12-20
- **Tsy compatible ny fijangajangana (*porneia*) sy ny Tompo *(Kurios)*** (13b)
- **Ny fijangajangana dia tsy voatondro mivantana ho fanompoan-tsampy, saingy satria mampisaraka ny mino amin'ny Tompo izy, dia manjary fanompoan-tsampy:**

(Lio.16.13a) *"Tsy misy mpanompo mahay manompo tompo roa; fa ny anankiray ho halany, ary anankiray ho tiany; na ny anankiray hombany, ary ny anankiray hohamavoiny. "*

# NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA EO AMIN'NY MINO

## 1. NY FIRAISANA AMIN'NY OLOM-PADY, NY FIJANGAJANGANA, ...

- **F.- MASINA HO AN'I KRISTY NY TENA.** 1Kor.6.12-20
- Tsy resaka fitsipi-pitondran-tena ara-tsosialy *(morale sociale)* fotsiny ny fijangajangana fa mampivoitra ny anjara-toerana tanan'ny atao hoe TENA eo amin'ny fifandraisana amin'i Kristy.
  - **Gal.2.20**: *"Voahombo miaraka amin' i Kristy amin' ny hazo fijaliana aho, ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko; fa* ***izay ivelo-mako ankehitriny eo amin' ny nofo dia ivelomako amin' ny finoana*** *ny Zanak' Andriamanitra, Izay efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy.."*

# NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA EO AMIN'NY MINO

## 1. NY FIRAISANA AMIN'NY OLOM-PADY, NY FIJANGAJANGANA, …

- **F.- MASINA HO AN'I KRISTY NY TENA.** 1Kor.6.12-20
- **Ny TENAn'ny voavonjy dia manjary rantsan'i Kristy: (12.27)**

Koa azo esorina ve io rantsan'i Kristy io ka hatao rantsan'ny mpivaro-tena, na dia fotoana vetivety monja aza ? :

*" Tsy fantatrareo va fa momba ny tenan' i Kristy ny tenanareo? Moa hanala ny momba ny tenan' i Kristy va aho ka hanolotra izany ho momba ny tenan' ny vehivavy janga? Sanatria izany! Moa tsy fantatrareo va fa izay miray amin' ny vehivavy janga dia tena iray aminy? fa hoy Andriamanitra: Ho nofo iray ihany izy roroa.."* (1Kor.6.15-16)

# NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA EO AMIN'NY MINO

## 1. NY FIRAISANA AMIN'NY OLOM-PADY, NY FIJANGAJANGANA, …

- **F.- MASINA HO AN'I KRISTY NY TENA.** 1Kor.6.12-20
- **NY VATAN'NY MINO:** ***inona no anjara-toerany?***

Misy *extrême* roa izay tsy izy eo amin'ny fametrahana ny vatana:

**1. *La sacralisation du corps:*** natao ho zavatra tompoina sy ahindrahindra.

**2. *La banalisation du corps:*** heverina ho fonon'ny fanahy fotsiny, ka tsy omena lanja, fa ny fanahy no vonjena fa tsy ny vatana, hany ka manjary avela ho amin'ny fitondran-tena baranahiny.

# NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA EO AMIN'NY MINO

## 1. NY FIRAISANA AMIN'NY OLOM-PADY, NY FIJANGAJANGANA, ...

- **F.- MASINA HO AN'I KRISTY NY TENA.** 1Kor.6.12-20
- **NY VATAN'NY MINO:** ***inona no anjara-toerany?***

**Ny VATAn'ny mino dia Tempolin'ny Fanahy Masina, izay natao hankalaza an'Andriamanitra amin'ny ataony sy ny fihetsiny.** (20)

**Koa ny izy *(amin'ny toerana omena azy)* dia ny SANCTIFICATION DU CORPS: satria trano onenan'ny Fanahy Masina izy ary natokana hideràna an'Andriamanitra dia izao no baiko: "*MANAMASINA NY TENANAREO!*" *(Lev.11.44; 20.17)***

# NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA EO AMIN'NY MINO

## 1. NY FIRAISANA AMIN'NY OLOM-PADY, NY FIJANGAJANGANA, ...

- **G.- NY FIRAISANA AMIN'ILAY TENY TONGA NOFO (16-17)**
- Naka ny teny tao amin'ny Genesisy 2.24 i Paoly entiny manamafy ny fanazavany: "*Ho nofo iray ihany izy roroa*." Ampitovian'i Paoly amin'ny firaisana ara-nofo ny finoana sy ny fanatrehan'ny Fanahy Masina ny Fiangonana.(cf. Ef.5.32)
- Ny Testamenta Taloha dia efa nanamarika io fampitoviana io (Ez.16; Jer.31.32; Hos.1.2)

# NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA EO AMIN'NY MINO

## 1. NY FIRAISANA AMIN'NY OLOM-PADY, NY FIJANGAJANGANA, ...

- **<u>G.- NY FIRAISANA AMIN'ILAY TENY TONGA NOFO</u> (16-17)**
- Ny finoana ny Tompo sy ny fanompoana azy dia tsy voafetra eo amin'ny fanahy ihany fa mahasahana ny olona manontolo (saina, vatana, fo, fanahy). Lio.2.52; 10.27
- Izany koa azo hanazavana ny tenin'ny Tompo ao amin'ny Mat.5.28 *mijery*
- **<u>BAIKO:</u>** ***"Mandosira izay rehetra mandoto ny tena!"***

  ***"Mankalazà an'Andriamanitra amin'ny tenanareo!"***

# NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA EO AMIN'NY MINO

## 1. NY FIRAISANA AMIN'NY OLOM-PADY, NY FIJANGAJANGANA, ...

- G.- NY FIRAISANA AMIN'ILAY TENY TONGA NOFO (16-17)
- **NY FINOANA DIA IAINANA AO AMIN'NY TENA (*individu*) SY EO ANIVON'NY TENAN'I KRISTY (vatan'i Kristy) (*Communauté*).**
  - Ny olona izay an'i Kristy dia manolotra malalaka (*librement*) ny TENANY hanompo Azy; ary izany no mifanaraka amin'ny fahafahana azo hatrany amin'ny fahariana (*liberté créaturelle*)

# NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA EO AMIN'NY MINO

## 1. NY FIRAISANA AMIN'NY OLOM-PADY, NY FIJANGAJANGANA, ...

- G.- NY FIRAISANA AMIN'ILAY TENY TONGA NOFO (16-17)
  - **LA FOI INCARNEE**
  - « *Dieu n'est pas adoré et confessé dans une modalité prétendument spirituelle, désincarné, hors des péripéties corporelles. Au contraire, Il se laisse honorer et reconnaître comme Dieu en somati (par le corps), c'est à dire là où le croyant sanctifie son corps dans ses multiples relations avec son prochain et son monde - et où la seigneurie de Dieu sur le corps humain devient visible, tangible et concret.* » (Pr Andrianjatovo Rakotoharintsifa CONFLITS A CORINTHE *page 124)*

# NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA EO AMIN'NY MINO

## 1. NY FIRAISANA AMIN'NY OLOM-PADY, NY FIJANGAJANGANA, ...

- G.- NY FIRAISANA AMIN'ILAY TENY TONGA NOFO (16-17)
  - ROMANA 12.1-2
  - « *Koa amin' izany mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny famindrampon' Andriamanitra, mba* ***hatolotrareo ny tenanareo*** *ho fanatitra velona, masina, sitrak' Andriamanitra, dia fanompoam-panahy mety hataonareo izany. Ary* ***aza manaraka ny fanaon' izao tontolo izao****; fa miovà amin' ny* ***fanavaozana ny saina****, hamantaranareo ny sitrapon' Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina.* »